


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Fandavana ny Sitrapon'ny Tena

Andao isika handroso ho amin’ny fahamatorana



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Derek Prince

Ny asan'ny mpisorona ao amin'ny Testamenta Taloha dia ny manao sorona. Noho izany, satria mpisorona i Jesosy, dia nanolotra sorona. Koa satria tsy Levita Izy, dia tsy afaka nanolotra ny sorona araka ny lalàna Izy, ka Natolony ny Fanatiny manokana momba ny fisoronana, dia ny vavaka.

> "Tamin’ny andron’ny nofony, raha nanao fivavahana sy fangatahana nomban’ny fitarainana mafy sy ny ranomaso be tamin’Izay nahavonjy Azy tamin’ny fahafatesana [Andriamanitra Ray] Izy, sady voahaino noho ny fahatahorany an’Andriamanitra, dia nianatra fanarahana tamin’izay fahoriana nentiny Izy, na dia Zanaka aza.” (Hebreo 5:7–8)

Ny fankatoavan’i Jesosy tamim-panajana no nahatonga ny Ray hihaino ny Vavakany. Nianatra fankatoavana tamin’ny alalan’ny fijaliana Izy. Jesosy dia nianatra ny fankatoavana, ary isika koa dia mianatra ny fankatoavana toy izany. Hitantsika ny atao hoe fankatoavana dia avy amin’ny fankatoavana. Tsy mahita izany isika amin’ny fihainoana toriteny momba ny fankatoavana. Mety hanampy antsika izany, fa ny fankatoavana dia tsy maintsy atao tsikelikely, amin’ny alalan’ny fankatoavana. Ny fankatoavana dia mitondra fahoriana satria mitaky fandavana ny sitrapon’ny tena iray. Ny fanalahidin’ny fehezan-teny fototra amin’ny fankatoavana an’i Jesosy dia:

> “Tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao.” (Lioka 22:42)

Ny dingana rehetra amin'ny fankatoavana eo amin'ny fiainana Kristiana dia ny fandavan-tena iray. Hoy i Jesosy: “Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany.” (Matio 16:24). Manaintaina izany, satria ny fitiavan-tena taloha dia tsy tia lavina. Hoy ny Fitiavan-tena: “Tiako”, “Zava-dehibe aho”, “Mety amiko izany”, “Tsapako tsara”, “Tsy tiako”, sy ny toy izany. Ny fanarahana ny Tompo dia

© 2008 - Dries Du Plessis

mitaky fandavana tsy an-kijanona izany fitiavan-tena izany. Ao amin’ny andalan-teny avy amin’ny Hebreo etsy ambony, Andriamanitra dia niresaka tamintsika momba ny fahatongavana ho zanaka matotra amin’ny alalan’ny fankatoavana. Jesosy no modely. Andriamanitra dia nitondra Azy ho amin’ny fahamatorana amin’ny alalan’ny fankatoavana. Ity no lalana ho ahy sy ho anao. Izany no làlana vaovao sy velona.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa lanao no nitarika ahy handroso. Manambara aho fa ny fanarahana ny Tompo dia mitaky fandavana tsy tapaka ny fitiavan-tenako, ary misafidy ny hanaraka ny modelin’i Jesosy aho amin’ny fahamenoana izany fepetra izany. Hiroso amin'ny fahamatorana aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy,Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★
Fandikana: WD-B097-314-MLG
Nohavaozina farany: 16 Nov 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

